BISMIHI TA'ALA **martsa 2016** **2004 – 2016**

N Y T E N Y A R A B O

LESONA 3

Mitaky fianarana **litera telo** vaovao ity lesona ity izay ianarantsika manondro ary mitanisa olona na zavatra. Ireto avy izy ireo :

ذ ه و

Ilay voalohany dia **ZHAAL**oun ذ Ohatra ny mitonona Z fa avoaka eo anelanelan'ny nify ny lela. (ohatra ny « **th** » amin'ny « **th**at » amin'ny anglisy no feo azo avy aminy. Eo ambony tsipiky ny kahie no fanoratana azy (aza hadino fa misy teboka eo amboniny).



ذَ ذُ ذِ ذْ _

tsarafaracharly@gmail.com +261 34 01 092 93

Ny faharoa indray dia **HAA**-oun. Toy ny mitonona **H** fa atao bebe ny feo toy ny manao beso. Toy izao ny fanoratra azy

هَ هُ هِ هْ _

Ny fahatelo farany dia **WAAW**oun ka **W** no feo azo avy aminy.

وَ وُ وِ --

Ndeha ary hojerentsika ao anaty video ireo litera valo taloha sy ireo telo vaovao (Ireo efa hita ihany ifantohana)
http://www.nospetitsmusulmans.com/pages/arabe/alphabet_arabe.php

https://www.youtube.com/watch?v=swx4qDodE5Y

 tsarafaracharly@gmail.com +261 34 01 092 93

Teny roa vaovao no hanohizantsika ny lesona.

Ity / io

هَذِهِ	هَذَا
(Ha-ZHi-Hi)	**(Ha-ZHaa)**
C’est une / c’est la	**C’est un / c’est le**

Mariho tsara fa :

1. ny **ZHAAL**oun dia tsy mitambatra velively amin’ny litera manaraka azy toy ny **ALIF**oun sy ny **RAA**-oun araka ny hitantsika tany amin’ny lesona voalohany ; Ny **WAAW**oun koa dia torak’izany. Miisa enina izy ireo ao amin’ny alifabeta arabo. Efatra izay no hitantsika fa mbola ho hianarantsika miandalana eo ihany ny roa ambiny
2. ny **HAA**-oun any amin’ny **faran-teny dia lasa boribory**.

Ireo voambolana roa ireo dia samy entina manondro avokoa. Fa ny ***Hazhaa*** dia entina manondro lehilahy na zavatra heverina ho manana *« genre masculin »* ary ny ***Hazhihi*** kosa dia entina manondro vehivavy sy ireo zavatra manana *« genre féminin ».*

Ity dia fianakaviana / C’est une famille هَذِهِ اُسْـرَةٌ

هَذَا اِبْنٌ

Ity dia Zanaka lahy / *c’est un fils*



هَذَا اَبٌ

Ity dia Ray / *C’est un père*

 tsarafaracharly@gmail.com **+261 34 01 092 93**

هَذِهِ بِـنْـتٌ

Ity dia Zanaka vavy / *c'est une fille*

هَذِهِ اُمٌّ

Ity dia Reny / *c'est une mère*

Amin'ny Arabo ny teny entina milaza hoe **SY** (na) **ARY** dia ny

WA وَ

اِبْنٌ وَ بِـنْـتٌ

اَبٌ وَ اُمٌّ

اَلْاَبُ وَ اَلْاِبْنُ

اَلْاُمُّ وَالْبِـنْـتُ

هَذِهِ اُمٌّ وَ هَذَا اَبٌ

HAFATRA : Avereno any anaty kahie fianarana manoratra ohatra ny mahazatra ireo teny sy fehezanteny rehetra hita ao anaty lesona mba ho voafehy tsara vao miditra amin'ny lesona fahaefatra. (***Aza asiana zanatsoratra intsony ireo teny rehetra efa hay ny mamaky azy)***

Zoma 18 martsa 02h06 Maraina.